AMPARAFARAVOLA 4

# POLISY NILATSAHAN'NY VARATRA MATY KILA NY VADY AMAN-JANANY

Gazetiko
www.gazetiko.mg
Laharana 7750 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alarobia 20 desambra 2023

MARINA IZANY ! 7

## MITAINTAIN-DAVA !

TAONA 2024 8

## IREO ANDRO TSY HIASANA

MITONTONA ALAROBIA SY ZOMA NY ANKAMAROANY

Fantina 7

## NY KARIBONETRA

MANALA FIVONTOSANA AMIN'NY VATANA

RUGBY 3

## NINDAOSIN'NY FAHAFATESANA I RADO BE



ARAI 7

# NIROSO TAMIN'NY FANAOVANA LAVANTY IREO FANANANA AZO TAMIN'NY KOLIKOLY



OLADAD 2



## NENTIN'I "SESILY" NIKOPAKA ELATRA HATRANY EOROPA

DEPIOTE FETRA RALAMBOZAFIMBOLOLONA 7



# NAHEMOTRA AMIN'NY 30 JANOARY NY FITSARANA






Oladad

# Nentin'i "Sesily" nikopaka elatra hatrany Eropa

Faramparan'ny taona 2021 no nivoaka voalohany i "Sesily". Nanomboka ny fiandohan'ny taona 2022 iny, niakatra tsikelikely ny lazan-dry Oladad na efa nisy toerana tena nankafy azy aza teto amintsika. Tafakatra avo ny fankafizan'ny maro an'ireo tarika mpivoy ny vakoka avy any amin'ny faritr'i Betsileo iny ny taona 2023 ity. Feno hatrany ny fandaharampotoanan'ny tarika ao anatin' ny herinandro nandritra ny taom-piakarana an-tsehatra (nanomboka ny 2 aprily tao Antsahamanitra ka hatramin' izao). Ankoatra ny fampisehoana goavana na anaty trano na an-kalamanjana, saika nahitana an-dry Oladad ihany koa ireo fetim-pianakaviana goavan'ireo mpanefoefo toa ny mariazy, famadihana, fitsingerenan' ny taona nahaterahana, eny fa hatramin'ny propagandy aza teto amintsika. Tafapaka hatrany ampitandranomasina ny lazan'ny tarika, ka hikopaka elatra hanatanteraka fitetezamparitra any ivelany ny tarika amin'izao fotoana izao.



Lyon, Parisy ary Alemana aloha izao no fantatra fa hanatanterahan'izy ireo seho.

**Zavabaovao**

Midika ireo rehetra ireo fa i "Sesily" no anisan'ny angady nanana sy vy nahitana ny fahombiazan'ny tarika Oladad hatramin'izao. Nanana ny kantony tena nampiavaka azy ry zalahy ireto hatramin'ny taona 1996 niorenany (nivoahan' ny "*Afindrafindrao*" amin'ny fanahy betsileo), fa taorian'i "Sesily" kosa vao niezaka nanongilan-tsofina nihaino azy ny rehetra. Ka izao nanakoako hatrany ampita izao ny lazany. Nanararaotra ny mpikarakara lanonana, ka nanafatra azy avy hatrany. Zava-baovao takian' ireo mpialavoly rahateo ny fahatongavan-dry Dadalo, Evans, Kids, Tsiry ary Lova any an-toerana. Mamaly ny filàn'ireo Malagasy manin-tehody sy ny tanindrazana ny fahatongavan-dry zalahy ireto amin'izao faramparan'ny taona izao. Toerana telo aloha no fantatra fa hiakaran'izy ireo sehatra amin'ity, izay hatomboka ao Lyon ny 23 desambra 2023, ao amin'ny Espace Liberté Massy Parisy kosa ry zalahy no hanafana ny alin'ny 31 desambra handray ny taona 2024, ary any Hanovre Allemange ny 6 janoary 2024. Hotaterinay eny ihany raha mbola misy fanampiny ireo daty ireo.

Fy

"WE ART"

# Hampiranty ny asa-tanany voalohany eny amin'ny Craam Ankatso anio

Mpanakanto malagasy roa samy mpanao hosodoko: A.J. sy O.R, no niara-niasa ka nanome ny We Art. Ny taona 2020 no niatombohan'izany tao anaty toerampamokarana iray. "Urban art" no ifantohan´izy ireo, fanomezan-danja ny kolontsain´ny lalana sy ny zava misy manodidina. Efa maro ny toerana nametrahany ny asatanany ary dia lokoiny avokoa na rindrina, na hazo, na baoritra, lamba, sns. Hanolotra fampirantiana voalohany izy ireo entina mamarana ny taona, mitondra ny lohateny hoe: "HARMONY OF CHAOS". Eny amin'ny Craam Ankatso izany no hotanterahina manomboka anio. Amin'ny 4 ora hariva no hisokatra amin'ny fomba ofisialy. Raha resahina amin'ny ankapobeny dia fampirantiana iray hampisehoan'izy ireo fa miaina ao anatin'ny korontana sy savorovoro ny ankamaroan'ny Malagasy. Tsy hitondra fahakiviana anefa izy ireo fa hiezaka hamboly filaminana, hanome fanantenana indray na dia eo aza izany korontana izany, ka izay sary roa mifanipaka izay no ho hita eny antoerana. Hampifaly ny olona no tanjona ka dia asain'izy ireo ho avy avokoa ny rehetra mba hitsidika izany.



Santionany amin'ny asatanan' ny We Art.

Tanya.R

"Tsika Jiaby Festival"

# Telo andro hanandratana ny kanto sy kolontsaina malagasy any Frantsa

Tanterahina any Frantsa, ao amin'ny "Domaine de Courson 91680 Courson- Montloup", tsy dia lavitra loatra an'i Paris, amin'iny taona iny ny "Tsika jiaby Festival". Mpanakanto malagasy tsy latsaky ny 20 no handray anjara amin'izany. Sambany teo amin'ny tantara no nisian'ity hetsika ity, satria mandritra ny telo andro no hifandimby hiaka-tsehatra ireo mpanakanto ireo, dia izay hanomboka amin'ny 18 ka hatrmain'ny 20 mey amin'iny taona vaovao iny. Anisan'ny handray anjara amin'izany ny tarika Ambondrona, Tarika Rossy, Jaojoby sy ny ekipany, Olombelo Ricky sy ny mpitendriny, Samoela sy ny tariny , Rajery sy ny mpitendriny, Fenoamby, Babai Lugu, Shyn sy Denise, Tempo Gaigy, Rockurk, Titi Raha, Johasina, Niu Raza sy ny maro hafa. Na dia mbola amin'ny volana mey 2024 aza ity hetsika goavana ity dia efa amidy dieny izao ny tapakila. Tanjona amin'ny hetsika "Tsika Jiaby Festival" moa ny fampahafantarana sy fampisongadinana ny mozika sy ny gadon-kira malagasy amin' ny endriny maro. Izany indrindra no antony nanasana ireo tarika handray anjara ireo noho ny fahitan' ny mpikarakara fa manana izay herijika hampiakatra ny lazan'i Madagasikara eo amin'ny tontolon'ny mozika izy ireo. Fa ankoatra izay, mandritra ireo telo andro ireo dia hisy ihany koa ny tranoeva hanehoana ny taozavatra sy ny asa tanana mampiavaka antsika malagasy. Tsy hijanona ho fampiratiana ihany anefa fa eo dia eo ny fandresen-dahatra ny hisian'ny fiaraha-miasa arakolontsaina eo amin'ny tany roa tonta, ary indrindra hitadivana tsenam-barotra. Fa ny tena hampiavaka azy dia ho hita taratra ao anatin' izany fampirantiana izany ny tantaran'i Madagasikara hatrany amin'ny fahagola ka hatramin'izao.

Tiaray R

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Mitarika anao hahery ny fahoriana mamely. Mahatonga anao ho hendry sy hisikina herim-po ny tahotra sy alahelo nibahana tamin'ny fiainanao taloha. »

**Ny Vetso (21.03.16)**

(La douleur vous rend plus fort, la peur vous rend plus courageux et le chagrin vous rend plus sage.)

Faribolana Sandratra

## Ahemotra amin'ny janoary 2024 ny hetsika "Misy mihaino"

Araka ny tatitra voaray avy amin'ny mpikambana eo anivon'ny faribolana sandratra dia ahemotra amin'ny 27 janoary 2024 ny hetsika "Misy Mihaino" nokasain'izy ireo hatao etsy amin'ny CGM ny asabotsy 23 desambra izao. Raha ny fanazavana dia tsy miankina amin'ny Faribolana Sandratra ny anton'ny fanemorana fa avy amin'ny CGM handray ny hetsika. Nanao fialan-tsasatra any Alemaina mantsy ny talen'ny CGM amin'izao fotoana izao ka nanome soso-kevitra ny hanemorana ny daty. Ao anatin'ny taompialan-tsasatra ihany koa ny CGM amin'izao fotoana izao ka tsy misokatra manomboka ny 22 desambra izao ka hatramin'ny 22 janoary. Niala tsiny ho an'ny mpankafy sy ireo nanam-paniriana ny hanatrika ny htsika "Misy Mihaino" moa ny tompon'andraikitra. Amin'izay fotoana izay indray izany vao hahitana valiny ny lohahevitra voalohany nofidin' ny Faribolana sandratra hoe "tantara fihaino sy ny tontolony". Inoana fa tsy hiova ny vahiny mpisehatra sy ireo mpilalao tantara fihaino amin'ny onjam-peo rehetra, izay ahitana an-dRy Christophe Rabearimanana, Nofy, Zo Maminirina, Mampandriniaina Manitra, Niravo Sylvia Randrianantoandro, Anjarivo, Arikaomsa Randria, Sedera Nantenaina Rabearinala.

Tiaray R

Dina Nomena Andriarimanjaka

## Manolotra fampirantiana : "à la recherche des Betia" ao amin'ny "Fondation H"



Santionany amin'ireo asatanany.

Misokatra ho an'ny rehetra hatramin'ny 31 desambra izao ilay fampirantiana mitondra ny lohateny hoe: "à la recherche des Betia", atolotr'i Dina Nomena Andriamanjaka. Raha tsiahivina dia "vice lauréate" tamin'ny "prix paritana" 2023 ny tenany. Efa ela izy no niketrika ity fampirantiana ity fa izao izany vao tanteraka. Mpanakanto feno, mpanao asa tanana amin'ny alalan'ny lamba sy sary izy. Izay no tena ahafantarana azy. Tia mandalina tantara ihany koa izy ary amin'ny alalan'ny tantara iray misy no hiaingan'ny aingampanahiny rehefa hamorona zavatra iray. Averiny tantaraina na haseho amin'ny alalan'ireo asatanany ireo zava-nisy tao anatin'ny tantara iray. Izay no mampiavaka azy. Amin'ity fampirantiana ataony ity izao dia miresaka mahakasika ny toeran'ny vehivavy izy, na ny lanjan'ny vehivavy teo amin'ny fiaraha-monina malagasy. Nisy maro ireo mpanjaka vehivavy nandalo teo amin'ny fanjakana malagasy, ohatra, kanefa dia tsy noresahina firy ny mahakasika azy ireny raha mitaha amin'ireo mpanjaka lehilahy. Mitety vanim-potoana mihitsy moa izy miezaka mampiseho amin'ny olona rehetra izay toerana misy ny vehivavy izay. Ahitana tabilao maromaro ao ary misy koa ireo karazan-jaitra sy boky. Maimaimpoana moa ity fampirantiana ity ho an'izay liana hitsidika an'izany.

Tanya.R'

Rugby - Fahoriana

# Nindaosin'ny fahafatesana i Rado Be

Misaona ny tontolon'ny baolina lavalava malagasy. Nindaosin'ny fahafatesana teo amin'ny faha-42 taonany i Harinjato Rado Rasamoelina "Rado Be", mitana ny toeran'ny "1 ére ligne" ao anatin'ny "Pack d'avant"-n'ny Savonnerie Tropicale de Madagascar. Tao anatin' ny fahatairana tanteraka no nandraisan'ny mpankafy baolina lavalava an'izao fahafatesan'i Rado Be izao, izay mbola nandray anjara tamin'ny fiadiana ny "Coupe de Madagascar" farany teo, raha nihaona tamin'ny TFMA Ankasina "Boaikelimanohitra" ny ekipan'ny Savony. Mpilalao nametraka fahatsiarovana maro tamin' ny namany sy nifanerasera taminy i Rado Be. Lehilahy tso-piaina, sariaka lava, mpananatra sy mpanome moraly, hoy ny namany. Teo amin'ny lafiny ara-panatanjahantena dia tsy manankotiavina afa tsy "rugby" i Rado Be. Nataon'ny tanora sy mpilalao filamatra tamin' ny tsy fifohana sigara sy fisotroana toaka. Novolavolain'ny rainy tamin'ny filalaovana baolina lavalava, toa an'i Dadah sy Tovo rahalahiny, tao amin' Ankazomanga Firaisana Ara-panatanjahantena. Noho ny fahaiza-manaony dia nalain' ny Savony, hanatevin-daharana azy, ary mbola nampilalaovin'i Eric "Sefo" Randrianarison hatrany, na dia efa niakatra taona aza noho ny tanjaka nananany. Namela an'i Tina ho mananontena izy, ary kamboty mianadahy. Izahay eto amin'ny Gazetiko dia mampionona sy mampahery ny ankohonany sy ny fianakaviany.

**aris rafaly**

Volley - Analamanga

# Hiato mandritra ny 3 herinandro ny fifaninanana

Hiala sasatra kely mandritra ny 3 herinandro ny fiadiana ny tompondakan'Analamanga, eo amin'ny taranja Volley-ball. Raha ny fanapahan-kevitra ny mpitantana eo anivon'ny ligy dia ny 25 desambra 2023 hatramin'ny 19 janoary 2024 no hiato ny fifaninanana, mba hahafahan'ny mpilalao sy ny mpankafy rehetra mianoka anatin'ny fety no anton'izany. Mialoha io, mbola hisy lalao maromaro voalahatra amin'ny faran'ny herinandro izao amin'ny andro faha-4. Raha ny voka-dalao tamin'ny andro faha-3 dia nazava ny fandresen'ny ASI 1 tamin'ny seta 3 no ho 0 ny ASI2(25/8-25/5-25/7). Tsy nanahirana ny GNVB ny nanilika ny AFA tamin'ny seta 3 no ho 0(25/12-25/14-25/11). Ny AMVB ihany koa dia nandavo ny SQUAD tamin'ny seta 3 no ho 1 . Teo amin'ny sokajy 1DM dia resin'ny Pole tamin'ny seta 3 no ho 0 ny ASI3. Ny GNVB 2 nampiondrika ny BFMV tamin'ny seta 3 no ho 0. Ny ASI1 nandresy seta 3 no ho 0 ny SDV. Toy izao no fandaharan-dalao amin'ny 23 sy 24 desambra 2023. Sabotsy 23 desambra – kianja Itaosy – (U-18 F) : ASI # AFA, Kianja ANS – (1DF) : 1ora – CCVB # VOARA . 2DM

**Rabenaivo**

Muay thai - "Top fight"

# Nisy vazaha nandray anjara

Tontosa tetsy amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena Mahamasina ny faran'ny herinandro teo, ilay fifaninanana "top fight", ho an'ny taranja haiady Muay-thai. Ny federasiona no nikarakara izany. Nambaran'ny filohany, Rakotoalizao Gervais, fa hanamafisana ny fahaiza-manao ho an'ireo tompondakan'i Madagasikara sy hanatsarana ny lenta ary hampiakarana ny haavo teknika no nanaovana ity fifaninanana ity. Ligim-paritra 6 no nasain'ny federasiona ka ny 5 tamin'izy ireo no tonga, nahitana ny avy any Alaotra Mangoro, Analamanga, Atsinanana, Vakinankaratra, Bongolava. Tsy tonga kosa ny avy any amin'ny ligin'i Matsiatra Ambony noho ny fisian'ny fahoriana nitranga tamin'ny mpitantana tao aminy. Na izany aza dia nizotra tsara ary tontosa antsakany sy andavany ny « super fight ». Nisy teratany vahiny, Jordan (77kg)avy atsy amin'ny ligin'Atsinanana nandray anjara tamin'ny ady. Nivoaka mpandresy ny tenany, rehefa natsahatry ny mpitsara teo amin'ny fidirana faharoa ny ady nifanaovany tamin'ilay Malagasy Yves(86kg) avy etsy Ivato. Mahakasika ity federasiona ity, nambaran'ny filohany, Rakotoalizao Gervais, fa tsy natory ny federaiona fa naka bahana. Maromaro ireo fifaninanana iraisam-pirenena miandry amin'io taona 2024 io, hoy izy, toy ny any Thailande, Dubai, Qatar, Emirats Unis. Nisy ihany koa ny fiaraha-miasa amin'ireo rantsana sy fikambanana maro samihafa, hahafahana miditra amin'ny sehatra matihana sy « semi-pro ». Efa 10taona rahateo izay dia samy Malagasy foana no miady sy mifamaky loha, ka aleo mba mifandona amin'ny vahiny manomboka izao.

**Rabenaivo**

FILAZANA STAR

STAR dia mampahafantatra, fa noho ny tsy fifanarahana ara-barotra izay tsy mbola nisy hatrizay, ireo zava-pisotro, Vita Malagasy vokariny, dia mety ihavitsy eny amin'ireo tranombarotra Super U.

Manome toky ny mpanjifany anefa ny STAR fa fivarotana 10 amin'ireo 25 000 mpandray ny vokatra STAR isan'andro manerana ny Nosy ihany no voakasik'izany.

Ny ekipa Star rehetra dia mirary fetin'ny faran'ny taona feno fifaliana ho anareo miaraka amin'ireo zava-pisotro efa nankafizinareo hatramin'izay

Ny Mpitantana

THB Queen's Gold Beaufort Fresh Booster Caprice World Cola YouZou D'jino Tonic XXL Energy Eau Vive Cristalline Cristal

MALAGASY NY ANTSIKA

MAMPIDI-DOZA HO AN'NY FAHASALAMANA NY FISOTROANA ALIKAOLA BE LOATRA - MISOTROA AM-PAMENDREHANA

GCL 702/5-2

## PETITES ANNONCES Gazetiko

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy « coupe homme ». 5 andro monja. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 703/20-12)

### MIVIDY

* Debara, fanaka, TV, frigo, vy, pièce, kilalao, boky. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 705/10-10)

* Fanaka, kilalao, lakozy, debara, lamba, kiraro, machine. Tél : 034.61.958.82 / 032.52.755.16. (G-BA 708/20-2)

### VIDANGE

* Sce vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 686/18-17)

* Vidange wc : débouchage, nettoyage, puisard. Tél : 033.64.965.79 / 034.19.333.09. (G-BA 701/20-12)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 707/6-4)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 707/6-4)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 707/6-4)

Amparafaravola

# Polisy nilatsaham-potaka, maty may kila ny vady aman-janany

Tra-doza teny an-dalana ilay polisy sy ny vady aman-janany. Nilatsaham-potaka izy telo mianaka, tao amin'ny toerana atao hoe Tetezana Ambohitovolahy, fokontany Manankambahiny SUD, kaominina Manakambahiny Ouest, distrikan' Ambatondrazaka, ny alatsinainy tokony ho tamin'ny 5 ora hariva. Maty tsy tradrano ny zanany sy ny vady andefimandrin'ilay polisy fa izy kosa naratra mbola tsy mahatsiaro tena. Somary mafimafy ny nanjo an'io polisy io, satria nisy ny fahatairana sy ny dona nahazo azy. Ilay môto nitondra azy telo mianaka kosa tsy nahitana fahasimbana loatra. Teny an-dalana avy naka vola, voalaza fa karamany, tamin'ny banky tao Ambatondrazaka ity mpitandro filaminana ity. Niaraka tamin' ireo vady aman-janany izy, nanao taingin-telo tamin'ny moto. Teny am-pandehanana hamonjy fodiana no nirefotra tampoka ny varatra ka niantefa tamin'izy telo mianaka. May kila vokatr' izany izy mianaka fa ilay raim-pianakaviana ihany no avotra aina, saingy mbola ahiana ny fahasalamany, noho io tranga io. Raha ny loharanom-baovao dia "Brigadier en Chef" ity polisy ity. Miasa ao amin'ny kaomisaria Amparafaravola. Mbola mandray fitsaboana ao amin'ny CSBII Manankambahiny Ouest izy amin'izao fotoana izao. Taorian'ny fizahana sy ny fombafomba rehetra dia natolotra ny fianakaviany ny vatana mangatsiakan'ireo namoy ny ainy, izay natrehan'ny DRSP Ambatondrazaka.

**Deyland**

Tsiroanomandidy

# Mpandeha taksiborosy tratra nitondra basy tsy ara-dalàna

Lehilahy iray mpandeha taksiborosy tratra nitondra basy tsy ara-dalàna no voasambotry ny polisy tany amin'ny toerana antsoina hoe Vohilava Andranomadio any Tsiroanomandidy afakomaly. Ankoatra io fitaovampiadiana io dia nahitana ody gasy ihany koa tany aminy nandritra ny fisavana. Nanao ny asany toy ny mahazatra misava ireo fiara fitaterambahoaka mivezivezy amin' ny lalam-pirenena ny polisy. Nasaina nijanona ny taksiborosy iray manao zotra nasionaly ka nandritra ny fisavana nataon'ireo mpitandro filaminana no nahatsikaritra lehilahy iray hafahafa fihetsika tao anaty fiara izy ireo. Nampiahiahy ireo polisy araka izany ity lehilahy ity ka nojerena ny entany ka io nahitana basy io tany aminy niampy moara ary bala maromaro. Tsy nanana taratasy ara-dalàna nahafahana nitazona ireo fitaovam-piadiana ireo moa ity lehilahy ity nandritra ny fisavana azy. Nosamborina avy hatrany izy ary nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy tany an-toerana taorian'izay. Notanana sy natao famotorana tany izy. Nogiazana ihany koa ireo fitaovana tratra tany aminy ireo. Aorian'ny fakàna ambavany eo anivon'ny mpitandro filaminana dia hatolotra ny fampanoavana ny raharaha.

**T.H**

Toliara

# Mpanendaka enin-dahy voasambotra

Manoloana ny fitarainana voarain'ny zandary mikasika ireo mpanendaka, izay efa tena mampikolay ny mponina ao Toliara dia nisy ny hetsika natao nentina nisamborana azy ireo. Nahitàmbokany izany satria ravan' ny zandary ny tambazotranjiolahy mpanendaka ao Toliara. Enin-dahy no voasambotra tamin'izany. Fanomezam-baovao avy amin'ny olona tsara sitra-po no nahafahan'ny zandary nanao vela-pandrika nentina nisamborana azy ireo. Raha ny fanazavàna azo dia amin'ny alina no tena fanaovan'izy ireo ny asa ratsiny ao Toliara na renivohitra ary mitondra fitaovam-piadiana mihitsy ry zalahy amin'izany. Efa maro no lasibatra sy nitondra faisana tamin'ny nataon'izy ireo. Tsy mijanona hatreo fa mbola mitohy hatrany ny hetsika entina hamongorona ireo mpanendaka ao an-toerana. Na izany aza dia mila mailo sy mitandrina foana ihany ny rehetra.

**R.C**

Ambositra

# Vato malakita 13 taonina tratra tao anaty kamiao

Tsy nisy taratasy na filazana fazahoan-dalana hitatitra vato akory tany amin'ny mpamilin'ilay kamiao ka nosakanan'ny zandary izy ireo, tao amin'ny kaominina Ambatomarina, distrikan'Ambositra, ny alahady lasa teo. Vatosoa malakita milanja 13 taonina no notanteriny rehefa natao ny fisavana. Raha ny fanazavana dia avy any Andakantany io vatosoa io no nandalo tao Ambatomarina. Tsy nisy afa-tsy tapakila kely tany amin'ny mpamilin'ilay kamiao, nandoavany "ristourne" tao amin' ny kaominina niangany, izay voalaza etsy ambony. Izany no nasehony an'ireto mpitandro filaminana ka nahatonga an'ilay fanakanana. Nogiazana avy hatrany ilay fiara sy ny vato ary mandeha ny fanadihadiana ny raharaha. Ny zandary ao amin'ny zana-tobim-paritra Ambatomarina no mandray antanana ny tohiny. Efa nampandrenesina an'ity tranga ity ihany koa ny fitaleavamparitry ny Ministeran'ny Harena an-kibon'ny tany any an-toerana.

**Deyland**

Analavory

# Nirefodrefotra ny basy, dahalo 3 lahy maty voatifitra

Dahalo miisa efatra nirongo fiadiana no nanafika tao Amparaky, kaominina Analavory, ny alin'ny 13desambra lasa teo, ka omby maromaro no lasan'izy ireo tamin'izany. Nampandre ny zandary avy hatrany ireo tompon'omby taorian'izany. Tsy niandry ela fa niroso tamin'ny fanarahandia ireo dahalo ny zandary. Vokatr'izany dia hita ny omby miisa telo. Very teo amoron-dranon'i Sakay kosa ny dian'omby sisa. Ny alahady lasa teo anefa dia nisy nampandre ny zandary fa misy dahalo mizara hena ao Marohazo. Nidina tany an-toerana avy hatrany ny zandary sy ny miaramila. Mbola tra-tehaka teo am-pizarana hena tokoa ireo dahalo. Raha vao nahatazana ny fahatongavan'ireo mpitandro filaminana anefa ry zalahy dia vaky nandositra.

**Tavela**

Efa voahodidina mpitandro filaminana anefa ny toerana nisy ireto dahalo ireto. Tsy mbola nety nilavo lefona ihany ireo fa nifampitana tamin'ny mpitandro filaminana ka raikitra ny fifampitifirana teo amin'ny roa tonta. Nirefo-drefotra ny basy, vokany dahalo telo no lavo raha tafatsoaka kosa ny namany iray. Tavela teo ihany koa ireo hena vao avy nozaraina ary mbola nisy omby roa hita nifatotra teo akaiky teo. Mbola mitohy hatrany ny fikarohana ataon'ny zan-dary ilay dahalo tafatsoaka. Efa naverina amin'ny tom-pony ihany koa ireo omby azo.

**R.C**



Omby hita !

Andravoahangy

# Lehilahy iray hita faty teny an-dalana

Lehilahy iray manodidina ny 45 taona no hita faty teny andalana teny amin'ny faritra Andravoahangy omaly maraina. Tsy nahitana ratra ivelany tamin'ny vatany. Akory ny hatairan'ny olona raha nahita azy nitsirara teny amin'ny tany ary efa tsy nisy aina intsony. Teo anatrehan'izany dia nitangorona ny olona nijery ny razana rehefa nahafantatra ny zava-nisy ary tsy nisy nahalala ity lehilahy ity izy ireo. Mety tsy olona mipetraka eny an-toerana araka izany ilay maty. Tsy nisy taratasy nahafantarana ny mombamomba azy ihany koa teny aminy. Efa nampandrenesina ny zavanitranga ny tomponandraikitra ka tonga teny an-toerana nanao fizahana ifotony. Tsy fantatra aloha hatreto izay antony nahatonga ny fahafatesan-dralehilahy. Efa nantsoina ny teo anivon'ny bmh ka naka ny razana sy nanatitra izany teny amin'ny tranom-patin'ny hopitaly hjra. Mijanona eny ny razana mandrapahatonga ny fianakaviany haka azy.

**T.H**

## MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

**Tsy nanolana...**




## Masoandro Miposaka

**Daniela 4 : 33**

Tamin'izay dia nody tamiko ny saiko, ary nody tamiko koa ny fahalehibiazako sy ny voninahitro ho tabihan'ny fanjakako, ary ny mpanolotsaiko sy ny andriandahiko nikatsaka ahy, ka nampitoerina teo amin'ny fanjakako aho, sady nanampy ho ahy ny fahalehibiazana malaza.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05

## Hatsikana an-tsary

**Tonon'andro gasy**







## Ohabolana



**Saro-babay, ka izay voa aza tezitra.**

Ce n'est pas ma faute, que celui qui est frappé ne se mette pas en colère.

*Expression dont se servait celui qui venait désigner ceux qui devaient boire le tanguin.*

**Sudoku** Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3129**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | | 9 | 7 | 6 | | | 8 |
| | | | | | | | | |
| | 2 | | | 8 | | | 7 | |
| | | 9 | 7 | 5 | 1 | 8 | | |
| 5 | 7 | | | 9 | | | 1 | 3 |
| | | 1 | 8 | 2 | 3 | 7 | | |
| | 6 | | | 4 | | | 9 | |
| | | | | | | | | |
| 7 | | | 1 | 3 | 9 | | | 5 |

Valin'ny laharana **3128**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 2 | 1 | 4 | 8 | 3 | 9 | 7 | 5 | 6 |
| 7 | 5 | 6 | 2 | 1 | 4 | 8 | 3 | 9 |
| 9 | 3 | 8 | 5 | 7 | 6 | 1 | 2 | 4 |
| 6 | 7 | 9 | 4 | 2 | 1 | 5 | 8 | 3 |
| 3 | 4 | 1 | 6 | 5 | 8 | 2 | 9 | 7 |
| 5 | 8 | 2 | 7 | 9 | 3 | 4 | 6 | 1 |
| 8 | 9 | 5 | 3 | 4 | 7 | 6 | 1 | 2 |
| 1 | 6 | 7 | 9 | 8 | 2 | 3 | 4 | 5 |
| 4 | 2 | 3 | 1 | 6 | 5 | 9 | 7 | 8 |

Harena azo tamin'ny kolikoly sy afera maloto

# Niroso tamin'ny fanaovana lavanty ireo fananana voageja ny ARAI

130 tapitrisa Ar ! Niroso tamin'ny fanaovana lavanty ireo fananana azo tamin'ny kolikoly sy afera maloto nogejainy andiany voalohany ny Sampandraharaha Misahana ny Famerenana amin' ny Fanjakana ny Harena rehetra azo tamin'ny tsy Ara-dalàna (ARAI), omaly. Araka ny fanazavana nentin'Ing. Rasoloharimanana Aimé, Tale Jeneralin'io rafitra fahadimy mitarika ny ady amin'ny kolikoly io, dia fiara azo tamin'ny fomba tsy ara-dalàna 11 no natao lavanty tamin'izao andiany voalohany izao. Araka io loharanom-baovao io hatrany dia tsy mbola nisy ny didim-pitsarana ny amin'ireo fiara natao lavanty ireo, saingy efa nanome alalana ny fivarotana izany ny Fitsarana mba tsy hahasimba izany. *"Dingana lehibe amin'ny fanatanterahana ny asa nankinina taminay ny natao androany. Famarotana ampahibemaso ireo fananana voageja noho ny raharaha kolikoly na fanodikodinambolam-panjakna na famotsiam-bola. Marihina fa fananana mbola voageja vonjimika ireo natao lavanty ireo kanefa tsy maintsy hatao ny famarotana azy ireo mba hialana amin'ny fahasimban'izany mandrapivoahan'ny didim-pitsarana farany. Mety ho amantaonany maro anefa vao mivoaka ity farany ka amin' izay fotoana dia tsy hisy hahazo tombony na ny fanjakana na ilay tompon'ny fiara noho izany fananana izany mora simba*", hoy Ing. Rasoloharimanana Aimé tamin'ny fanazavany. Tombanana eo amin'ny 130 tapitrisa Ar mahery eo ny tetibidin'ireo fananana mora simba ahiana ho azo tamin' ny fomba tsy ara-dalàna ireo. Hitohy afaka tapabolana kosa ny fanaovana lavanty ireo fananana voageja hafa.



**Mamy R.**

Depiote Fetra Ralambozafimbololona

# Nahemotra amin'ny 30 janoary, amin'ny taona ho avy ny fitsarana

Araka ny loharanom-baovao akaiky ny fitsarana dia nahemotra amin'ny 30 janoary ho avy izao ny fitsarana ny solombavambahoaka Fetra Ralambozafimbololona. Ny didim-pitsarana izay raha ny daty efa nampahafantarina mialoha dia tokony nivoaka omaly. Araka ny loharanom-baovao etsy ambony ihany dia ny mpisolovavan'io olomboafidy io no nanatrika ny fitsarana, omaly. Tsiahivina fa tamin'ny 8 nôvambra lasa teo no nosamborin'ny mpitandro filaminana, teny Mahamasina ny solombavambahoaka voafidy tetsy amin'ny boriborintany faha-5 ary tsy navotsotry ny mpitandro filaminana nanao ny famotorana raha tsy ny 17 novambra. Fisamborana olomboafidy izay niteraka resa-be teny amin'ny Antenimierampirenena, noho ny tsy fanajana ny fepetra takian'ny lalàna mifehy ny solombavambahoaka izay tokony hialohavan'ny fangatahana avy amin'ny filohan' ny andrimpanjakana misy azy sy ny mpikambana ao amin'ny birao maharitra. Ambonin'izany, niarahan'ny rehetra nahita fa tamin'ny fihetsika feno herisetra no nisamborana io olomboafidy io. Ny fanontaniana manitikitika manoloana izany dia ny hoe mitombina hatrany ve ny fanenjehana io olomboafidy io na dia tsy nanaraka lalàna aza ny fomba nisamborana azy ?

**V.R.**

Raharaha Apollo 21

# Ahiana nalefa any Frantsa i Paul Rafanoharana ?

Mandeha indray ny resaka fa mety ahiana ho efa lasa nafindra nofonjaina any Frantsa i Paul Rafanoharana andro vitsy lasa izay. Rehefa noezahina namarinina ity vaovao ity, dia tsy misy nety nitondra fanampimpanazavana ofisialy momba izany ny tomponandraikitra mahefa. Hatreto dia mbola ny fanambaran'ny Fampanoavana Ambony no mitoetra, izay manamafy ny fitazonana azy eny eny amin'ny fonjan'i Tsiafahy hatramin'izao. Amin'ny fangatahana famindrana voafonja any ivelany dia tsy maintsy misy ny didy "Arrêté d'extradition" avoakan'ny fitsarana eto an-toerana momba izany ho eo ampelatan'ny fitsarana Frantsay indray. Tsara ho marihina fa, voaheloky ny fitsarana hanao asa an-terivozona mandritra ny 20 taona Atoa Paul Rafanoharana. Izy rahateo no voalaza fa atidohan'ny raharaha Apollo 21 izay nikasana hamono ny filohan'ny Repoblika. Raha tsiahivina, ny alatsinainy faha-04 desambra teo izy no tazana nentina tetsy amin'ny hopitaly nanao fitiliana noho ny aretina nahazo azy ary efa naverina any Tsiafahy indray. Taorian'io, dia efa nandeha ny feo ny mety handefasana azy mankany Frantsa. Tsiahivina fa ilay voafonja niaraka taminy Atoa Philippe François., dia efa nalefa any Frantsa tamin'ny volana jona 2023 taorian'ny fifandresen-dahatra natao.

**JUDD**


## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :


## Marina izany !

### Mitaintain-dava !

**Mampiteny ny moana ny endrika isehoan'ny tsy fandriam-pahalemana eto amintsika. Tsy misy andro tsy andrenesana asan-jiolahy sy trangan'ny herisetra, amoizana ain'olona sy fananana, na farafahakeliny andratrana olom-pirenena. Ny firongatry ny tsy fandriam-pahalemana izay resahina ombieny ombieny fa sady mampitaintaina ny isan-tokantrano no mahatonga ny olom-pirenena hiraviravy tanana amin'ny asa fanaony andavanandro. Raha vahaolana avy amin'ny mpitandro filaminana sy ny mpitonda fanjakana, amin'ny ankapobeny no andrasana dia vao maika manome vahana ny jiolahy hanao ny asa ratsiny ny fahatapahan-jiro, amin'ny fotoana tsy miova isaky ny alina, manomboka amin'ny 12 ora ka hatramin'ny 5 ora maraina, amin'ny ankamaroan' ny fokontany eto an-drenivohitra. Manoloana izany dia maro ny fanontaniana manitikitika ny saina: Nahoana no mirongatra ny asan-jiolahy? Valiny, maro ny antony mahatonga izany, raha tsy hitanisa afa-tsy ny fahantrana, ny tsy fisian'ny asa maharitra sy mahavelona, ny fiparitahan'ny zava-pisotro mahamamo sy ny zava-mahadomelina… Eo ihany koa anefa ny toe-tsaina efa raikitampisaka amin'ny mpiray tanindrazana sasantsasany tsy te-hisahirana fa vonona haka ny herim-pon'ny sasany sy ny omena maimaim-poana. Ny tsy fandriampahalemana izay tsy mitsahatra ny anaovana antsoavo amin'ny mpitandro filaminana, mba hanao laharampahamehana ny fiarovana ny vahoaka sy ny fananany alohan'ny zava-drehetra. Ny zava-misy mantsy, tato anatin'ny taona maromaro izao dia saika ahitana mpitandro filaminana ny ankamaroan'ireny tranombarotra lehibe ireny. Toy izany koa ireo manan-katao sy ny fianakaviany.**

**Voahangy Rakotozafy**

## Fantina

### Manala fivontosana amin' ny vatana ny karibonetra



Maro be ireo zava-tsoa azo avy amin'ny fampiasana karibonetra. Mora rahateo ilay izy ary hita eny amin'ny mpivarotra samihafa. Ndeha hoentina aminao ato ny tombontsoa azo avy amin'ny fampiasana azy, eo amin'ny lafiny fahasalamana sy eo amin'ny lafiny fahadiovana.

***1-Eo amin'ny lafiny fahadiovana***

**-Manala fofon-kelika**: Mahasolo tsara ny alamo ny karibonetra. Asiana rano araka ny sahaza amin'izay ampiasaina fotsiny dia hosorana amin'ny helika.

**-Manala fofom-bava**: ny fitaovana fanadiovana ny nify, toy ny borosy nify sy ny "dentifrice" no rarahana karibonetra kely dia ampiasaina. Manala ny fofona amin'ny vava izy amin'izay ary mamono ireo bacteria any anelanelan'ny nify rehetra any.

**-Mampahalama hoditra**: mampihena ny tsatsakaotra sady mampahalama hoditra ny kribonetra. Tahaka izao ny fampiasana azy: afangaro manokana aloha ny karibonetra sy ny sira. Tsy atao be dia be akory ary iny fangaro iny no hatao ao anaty rano handroana.

***2-Eo amin'ny lafiny fahasalamana indray***

**-Manala ny masinaty**: maro ny olona tratran'ity masinaty ity noho ny sakafo diso mavesatra loatra. Isan'ny mety mahavaha olana ity fikafika tsotsotra ity: maka karibonetra kely atao anaty rano mafana amin'ny vera, dia iny no sotroina. Eo no ho eo ny vokatra, satria avy hatrany dia mety handrezatra.

**-Raha marary ny ankanjo nify:** Apetaka amin'ilay faritra marary ny ratsan-tanana avy nolemana sy natsoboka tanaty karibonetra.

**-Manala hidihidy sy mony ary fivontosana amin'ny hoditra**: Asiana rano ary atao mahazo toy ny endrika "pate" dia iny no ahosotra amin'ny mony sy ny faritra mangidihidy.

**-Mety amin'ireo zaza foy nify**: petapetahana amin'ilay faritra misy ilay nify maniry iny ny lohan-panondro natsoboka tanaty karibonetra.

**-Manala ny havizanan'ny tongotra**. asiana karibonetra ny rano mafana anaty koveta dia alona ao ny tongotra.

Asa fampandrosoana

# Nanao fikarohana momba an'i Sina ny IEP

Laharana faharoa amin'ny tanjaka ara-toekarena maneran-tany i Sina. Nanokatra varavarana ho an'ny IEP (Institut d'Etudes Politiques) Madagascar tamin'ny fanaovana fikarohana momba ny fampandrosoana any amin' ity firenena ity ny masoivohon'i Sina eto Madagasikara. Nizara telo lehibe ny fanadihadiana natao tao anatin'ity fiaraha-miasa ity, dia ny mikasika ny paikady sy ny tetikady nampandroso haingana ny firenena sinoa, ny lesona azo notsongaina ary mety ho fanoitra amin'ny fampandrosoana an'i Madagasikara, ary ny momba ny ZES, na faritra ara-toekarena manokana. Nokendrena ny hitady fomba fijery sy fomba fiasa tsaratsara kokoa hoentina mampandrosoa an'i Madagasikara. *"Nodinihina manokana ny politika sy ny paikadin'i Sina ankehitriny. Nanana fomba fijery vaovao ry zareo sinoa taorian'ny fametrahana ny "La ceinture et la route de la Chine", dia ny "Global Development Initiative" sy ny "Security Initiative" ary ny "Culture and Organization Initiative". Mihevitra ny Sinoa fa mila jerena manokana ny fikarakarana ny fampandrosoana eto ambonin'ny tany. Fanoitra iray hahafahana mandeha amin'izany ohatra ny fandrosoan'ny BRICS. Efa ela no nisy ny fiaraha-miasa teo amin'ny firenena tavaratra sy ny firenena tatsimo sy ny fiaraha-miasa teo amin'ny samy tatsimo, fa mba inona ao anatin'ireo fomba fijery vaovao ireo no mety ho fanoitra handresendahatra ny firenena rehetra hanovana ny fomba fiasa miaraka amin'izao tontolo izao mba hanosehana ny firenena an-dalam-pandrosoana ? Tafiditra ao anatin' izany ny trosa aty amin'ny firenena tatsimo amin'ny ankapobeny, ny lafiny fandriam-pahalemana, ny ady amin'ny fahantrana, sns."*, hoy ny filohan'ny IEP, Davida Rajaona. Nisy ny fandehanan'ny solontenan' ny IEP tany Sina tamin'ity taona ity, ka nahafahana nanao ny fanadihadiana. Maro koa ireo seminera natrehin'ireto farany tany an-toerana, izay nahafahana nanao fifampizarana.



**Fifampizarana nataon'ny filohan'ny IEP, Davida Rajaona, momba ny fanadihadiana natao tany Sina. (Sary : Kelly R.)**

**R. Muray**

Minisiteran'ny mponina - Fiahiana ara-tsosialy

# Natao ny fikaonan-doha ho an'ny paikady nasionaly ho an'ny taona 2024-2030

Eo andalam-pandrafetana ary efa mandroso ny fehinkevitra mahakasika ny paikady nasionaly ho an'ny fiahiana ara-tsosialy ho an' ny taona 2024-2030 ny Minisiteran'ny mponina. *"Natao ny atrikasa ho fanavaozana ny paikady nasionaly ho an'ny fiahiana ara-tsosialy. Ny antony: Tapitra amin'ity taona 2023 ity paikady nasionaly tamin'ny taona 2019-2023. Nisy ny fakan-kevitra tamin'ireo Minisitera isan-tsokajiny sy ireo mpiara-miombona antoka. Natao izao mba hahafahana manao tombana aloha, avy eo manavao an'izany paikady nasionaly izany. Indindra indrindra ihany koa manao tombana ny zavatra tokony hotazomina sy hatsaraina mankany amin'izay fanavaozana izay. Aorian'izay dia hisy atrikasa indray hijerena hoe inona marina no tian'ny fitondram-panjakana hotratrarina amin'izay paikady vaovao, mifanaraka amin'ny politika ankapoben' ny fanjakana, ary efa nilaza Atoa Filoham-pirenena Andry Nirina Rajoelina tamin'ny kabariny nandritra ny fianianany fa hanome vahana bebe kokoa momba ny olombelona, indrindra ka hiainga amin'izay ny fandrafetana ny paikady nasionaly ho an'ny taona 2024 hatramin'ny 2030"*, hoy Atoa Rivomanana Tsarahita Ghisbert, tale jeneralin'ny fiahiana ara-tsosialy, izay nisolo tena ny Minisitra Soafilira Princia omaly. Tsara homarihana fa raha ny an'i Madagasikara dia hatrany amin'ny 70 isanjaton'ny Malagasy no hisitraka amin'ny paikady vaovao

**Tena marefo**

Raha tsiahivina dia manodidina 15 isanjato amin'ireo tokantrano tena marefo eto Madagasikara no misitraka ny fiahiana ara-tsosialy tsy arahin-datsakemboka nanomboka tamin'ny taona 2016. *''Anisan'ny tanjon'ny paikady ny fanesorana ireo tokantrano miaina anatin'ny faharefona lalina. Ampahany amin'ny fitaovana hampiasaina ho an'ny taona manaraka ny Asa Avotra (AGR). Hamokatra izy ireo, hanatsara ny teknika mpambolena ary mampitombo ny fidiram-bolany. Eo ihany koa ny fampidirana azy ireo ao anaty Rejistra Sosialy, ny fiahiana ny ankizy sy ireo olona manana fahasembanana. Betsaka ireo hevitra ho fanatsarana ka anisan' izany ny fandrindrana ny asan'ireo mpisehatra amin' ny fiahiana asa sosialy eto Madagasikara, ny fijerena ny fidiram-bola isan'olona, ny fametrahana vina mazava mahakasika ny tanjona ho fanenana ny tahan'ny fahantrana''*, hoy hatrany Atoa DGPS. Nandray anjara tamin'ity fikaonan-doha ity ireo vondrona mpisehatra ho an'ny fiahiana ara-tsosialy ahitana ireo Minisitera sy ireo mpiara-miombona antoka. **Heriniaina A.**

Eglizy Katolika Romanina

# Samihafa ny tsodrano sy ny Sakramenta

Marobe ny hevi-diso niparitaka taorian'ny fanambarana nataon'ny Papa François mikasika ny ireo olona mitovy fananahana, lahy samy lahy na vavy samy vavy miaraka. Rehefa nanontany Pretra izahay dia samy nilaza izy ireo fa samihafa ny tsodrano sy ny mariazy. *"Afaka mitsodrano ny olona homosexuel ny pretra amin' ny maha olombelona azy ireo.* Tsy hoe ekena ny fiarahany fa mitalaho ny tsodranon'Andriamanitra ny Pretra hanampy azy, mety hahitany ny marina na ihany koa hahatsapany ny famindrampon'Andriamanitra ihany koa. *Sakramenta ny mariazy ary amin'ny maha olombelona no tsofina rano mba hiasa ao aminy ny fanahin' Andriamanitra. Ny sakramenta dia famantarana hita maso ny fahasoavana tsy mangataka tso-drano sy ny maro hafa dia mandray sakramentaly, ohatra hoe manamasina rano, trano. Izany dia natao hanampy azy mba hahafahany miaina*

*Tsy mbola nanaiky hanamasina ny sakramentan'ny mariazy ho an'ireo sokajin'olona voatanisa ny fiangonana katolika hatreto.*

*hita maso raisina avy amin'i Kristy. Misy 7 ny Sakramenta ka anisany ny sakramentan'ny mariazy. Ny sakramentaly kosa fangatahana amin'Andriamanitra mba handavorary ny fiainana hahafahana miaina ny sakramenta. Izany hoe ireo tsara ny finoana."* hoy i Mompera Fifaliana. Nohamafisiny fa tsy hanaiky na oviana na oviana hanao ny sakramentan'ny mariazy ho an'ireo sokajin'olona ireo ny fiangonana. Zanak'Andriamanitra foana izy ireo saingy miaina anaty fahotana. Ilay fahotana no tsy ankasitrahin'Andriamanitra fa tsy ilay olona. Mila fahasoavan' Andriamanitra izy ireo ka atao izay hiverenan'ny olona ao aminy, satria i Jesoa Kristy no afaka manova ny fon'olona. Ilay fanambaran' ny Papa rahateo tsy natokana ho an'ireo olona homosexuel ihany fa natao ihany koa ho an'ireo olona nisarabady ka nanambady indray. Nolazaina ihany koa fa tsy azo atao ny manao lamesa na mivavaka toy ny amin'ny litorijian'ny fanamasinana fanambadina raha mitsodrano ireo sokajin'olona ireo ny pretra.

**Nath**

Andro tsy iasana 2024

# Mitontona alarobia sy zoma ny ankamaroany

Mbola tsy nivoaka amin'ny fomba ofisialy ireo andro tsy hiasana kanefa handraisana karama ho amin'io taona 2024 hitsahitsika tsy ho ela io. Raha ny hita ao anatin'ny kalendrie anefa, mitontona alarobia sy zoma ny ankamaroan'ireo andro tsy hiasana eto amintsika.
Manomboka izany ny zoma 8 martsa 2024 izay natokana ho andron'ny vehivavy ary mbola zoma ihany koa ny andron'ny 29 marsa 2024. Hankalazaina ny 31 martsa sy 1 aprily 2024 kosa ny fetin'ny paska. Alarobia ny 1 may fetin'ny mpiasa ary alakamisy kosa ny 9 may andro fiakarana. Ny alahady 20 sy alatsinainy 21 may 2024 kosa no hankalazaina ny fetin'ny pantekoty. Alarobia ihany koa ny fankalazana ny fetin'ny fahaleovantena 26 jona 2024. Toy ny isan-taona, alakamisy ny 15 aogositra assomption. Ny zoma 1 novambra 2024 kosa no fankalazana ny fetin'ny olomasina. Mitontona alarobia daholo ny fetin'ny krismasy 25 desambra 2024 sy ny taona vaovao 2025. Mbola tsy voafaritra kosa ny fety natokana ho an'ireo silamo izay natokana andro tsy hiasana kanefa andraisana karama ho an'ny mponina rehetra eto Madagasikara. Ireo no voalaza ao anatin'ny kalendrie fa mazava ho azy mety mbola misy fiovana ireo aorian'ny fivoahan'ny filankevitry ny minisitra.

**Nath**

Faritra Boeny

# Nohavaozina ny drafitrasa hiatrehana ny hamehana



**Nifanakalo hevitra ireo mpisehatra tao amin'ny faritra Boeny.**

Miomana amin'ny fiatrehana ny loza ny faritra Boeny. Notanterahina ny 13 ka hatramin'ny 15 desambra lasa teo, tao Mahajanga, ny atrikasa fanavaozana ny drafitrasa hiatrehana ny hamehana, na ny PCR. Nisy ny fanaovana jery todika niarahan'ireo mpisehatra amin'ny fitantanana ny tandindonin-doza sy ny loza, izay nahafahana nandrefy ny asa vita tamin'ny fiatrehana ny fandalovan'ny rivodoza nifanesy nandritra ity taona ity. Nifampitohy tamin'izany ny fijerena ireo fomba hanamafisana ny fiatrehana amin'ny mety hiavian'ny loza manaraka. Anisan'ny vokatra lehibe andrasana ao anatin'ity fanavaozana ity ny fihenan'ny fiantraikan'ny loza mandalo. Tsiahivina fa namoizana ain'olona maherin'ny 200 ny rivodoza nifanesy tamin'ny taom-pahavaratra 2021-2022. Faritra 10 amin'ny 23 kosa no mbola nitondra faisana nandritra ny taom-pahavaratra 2022-2023, ary olona teo amin'ny 190 000 no traboina tamin'ny fandalovan'ny rivodoza Cheneso sy Freddy tamin'ity taona ity.

**R. Muray**

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 22 697 79 / 22 697 80
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 444 - 12 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

Nahandro

### Langue de bœuf rôtie

Zavatra ilaina: lelan'omby 1,5kg, laran-kisoa 100g, sira.
Fikarakarana azy : Hafanaina mialoha ny lafaoro 250 C. Sasana madio ny lelan'omby dia kikisana. Arotsaka anaty vilany dia asiana sira ary ketrehina amin'ny afo malefaka mandritra ny 1ora sy 30mn. Esorina avy eo dia avela hangatsiaka ary esorina ilay hodiny iny. Tetehina ny lara dia apetraka manodidina ny lelan'omby. Alefa anaty lafaoro mandritra ny 20mn. Esorina avy eo ary tetehina rehefa handroso azy. Afaka manamboatra saosy ampiarahina aminy.